# Fifehezana fotopampianarana: Fitsapam-pahaizana 1—Tari-dalana ho an'ny fandalinana

### 1 NEFIA 3:7 HATRAMIN'NY MÔZIÀ 18:8–10

## Ianaro tsianjery ny andinin-tsoratra masina sy ny andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina

Ataovy izay hahatonga anao ho zatra ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy andian-teny manan-danja. Azonao atao ny misintona sy mampiasa ny application Maîtrise de la doctrine mba hanampy anao amin'ny famerenana.

| Andinin-tsoratra masina | Andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina |
|---|---|
| 1 Nefia 3:7 | "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo." |
| 2 Nefia 2:25 | "Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana." |
| 2 Nefia 2:27 | "Afaka izy na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay . . . na . . . ny fahababoana sy ny fahafatesana." |
| 2 Nefia 26:33 | "Ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra." |
| 2 Nefia 28:30 | Andriamanitra dia "hanome ny zanak'olombelona andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, ary fitsipika anampy fitsipika." |
| 2 Nefia 32:3 | "Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy." |
| 2 Nefia 32:8–9 | "Tsy maintsy mivavaka mandrakariva ianareo." |
| Môzià 2:17 | "Rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo." |
| Môzià 2:41 | "Ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra . . . dia tahiana amin'ny zava-drehetra." |
| Môzià 3:19 | "[Esory] ny maha olona araka ny nofo [ary tongava] olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo." |
| Môzià 4:9 | "Minoa an' Andriamanitra . . . minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra." |
| Môzià 18:8–10 | Aoka hatao "batisa amin'ny anaran'ny Tompo ho vavolombelona . . . fa efa nanao fanekempihavanana taminy ianareo." |

## Ampiharo amin'ny toe-javatra tena misy ny fotopampianarana

- Mampiasà anankiray na maromaro amin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mba hanampiana olona iray izay maniry ny hahazo fitarihana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra manan-danja eo amin'ny fiainany.

- Misafidiana andininy iray na maromaro mba hanampiana olona iray izay mahatsapa fa ny toe-javatra misy azy ireo dia manasarotra ny fitandremana ny didin' Andriamanitra.

- Misafidiana iray amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ary mieritrereta toe-javatra iray izay ahafahan'ny fahamarinana ampianarina ao amin'izany andalan-tsoratra masina izany manampy tanora iray eo amin'ny fiainany. Raha azo atao dia mieritrereta toe-javatra tena misy izay fantatrao na natrehinao.

- Miomàna hizara ny hoe iza tamin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana no nisy fiantraikany indrindra teo aminao. Inona no ampianarin'izany andinin-tsoratra masina izany anao momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

## Fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy

Avereno jerena ny andiam-pehezanteny 5–12 ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*. (2023). Saintsaino ny fomba ahafahanao mampiasa fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy mba hanampiana olona iray handresy zava-tsarotra na ahiahy iray atrehiny.



© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_521-teacher_handout-1